| Manaraka | Mampifanaraka |
| --- | --- |
| Ny hoe *Manaraka* ny fandaharam-pampianarana dia midika hoe mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy Masina eo am-pandalinanao ny soratra masina sy ny lesona ao amin'ny boky torolalana ho an'ny mpampianatra. Tafiditra ao anatin'izany ihany koa ny fandinihina tsara ny tanjon'ny lesona amin'ny ankapobeny sy ireo fizarana samihafa ao amin'ny lesona. Ny fandaharam-pampianarana dia manampy anao hahatakatra ny soratra masina, ny tanjon'ireo mpanoratra nentanim-panahy, ireo fitsipika mampiova fo ary ny fotopampianarana fototry ny Fiangonana. Manàna fahatokisana ny votoatin-kevitry ny fandaharam-pampianarana ary ampiasao ao amin'ny kilasinao izany. | Ny hoe *mampifanaraka* ny fandaharam-pampianarana dia midika hoe manamboamboatra ny lesona araka izay hitarihan'ny Fanahy anao mba hifanaraka amin'ny zavatra ilain'ny mpianatra tsirairay sy hanampy azy ireo hahomby. |